

HAFATRY NY PAPA FRANSOA HO AN'NY ANDRO FAHA- 58 MANERAN-TANY HO AN'NY FIANTSOAN'ANDRIAMANITRA

Masindahy Josefa: ny nofin'ny fiantsoan'Andriamanitra

Rahalahy sy anabavy malala!

Tamin'ny 8 desambra lasa teo, nandritra ny tsingerin-taona faha-150 n'ny fanambarana ny maha-mpiaro ny Eglizy maneran-tany an'i Md Josefa, no nanombohan'ny taona natokana ho azy (jereo: *Décret de la Pénitencerie Apostolique*, 8 desambra 2020). Ho ahy manokana, dia nanoratra ny Taratasy apostolika *Patris corde* aho, « hampitomboana ny fitiavana an'ity Olo-masina lehibe ity ». Satria manko sady fitaratra miezinezina ho antsika izy, no « mifandraika mi-vantana amin'ny maha-olona antsika ny fiainany ». Tsy mba nanaitra na nanintona teto ivelany i Md Josefa, tsy mba nanana fanomezam-pahasoavana manokana izy, tsy nanaitra ny mason'izay nifanena taminy izy. Tsy olo-malaza nampitolagaga izy: tsy nampita na dia teny iray naloaky ny vavany ny Evanjely, nefa nahavita zavatra nigagana teo imason'Andriamanitra tamin'ny fiainany andavanadro.

Mahita ny fo Andriamanitra (jereo: *I S 16, 17*) ary fantany ny fon-dray nananan'i Md Josefa, izay mahefa manome aina sy manentana andavanadro. Izay lafiny izay indrindra no ifatohan'ny antson'Andriamanitra: mampavitrika sy mamelombelona ny fiainana isanandro. Maniry hamolavola fon-dray sy fon-dreny Andriamanitra: fo misokatra, mahavita vikin-davitra, malala-tanana amin'ny fanoloran-tena, mangoraka, afa-misedra ny ahiahy ary hentitra mba hanamafy ny fanantenana. Izany indrindra no ilain'ny pretra sy ny fiainana voatokana ankehitriny, amin'ny fotoana takerain'ny faharefoana sy japin'ny fijaliana vokatry ny valanaretina, izay miteraka tsy fifampitokisana sy ahiahy ary tahotra momba ny ho avy sy ny hasina maha-fiainana ny fiainana. Manatona antsika homban'ny hatsaram-po amin-kalemem-panahiny i Md Josefa, toy ny mifanolo-baravarana amintsika; mandritra izany, izy ilay mahefa mitari-dalana antsika amin'ny fijoroany vavolombelona matanjaka.

Manolotra teny fanalahidy telo ho an'ny antso miantefa amintsika tsirairay i Md Josefa. Ny voalohany dia **Nofy**. Samy manonofy ny hahatomomban-tena na iza na iza. Ary ny faniriana manan-danja tena izy, dia izay tsy ho azo amin'ny zava-mandalo miserana toy ny fahombiazana, ny vola sy ny fahafinaretana velively. Noho izany, raha angatahintsika hambaran'ny olona amin'ny teny tokana ny nofinofin'ny fiainany, dia tsy sarotra ny haminany izany fa ny « fitiavana » no valinteny homeny. Ny fitiavana no mampisy dikany ny fiainana, noho izy manambara ao aminy ny misitery. Noho izany, tsy hananana ny fiainana raha tsy manome, tsy ho azo raha tsy manome feno manontolo. Manan-kambara betsaka amintsika momba izany i Md Josefa, satria manko tamin'ny nofy no nitsilovan'Andriamanitra azy ka nanomezany ny fiainana sy ny fisiany.

Karazana nofy efatra no tantarain'ny Evanjely (jereo: *Mt 1, 20; 2, 13.19.22*). Tena antson'Andriamanitra tokoa izy efatra ireo, nefa tsy mora ny nandraisany azy. Taorian'ny nofy tsirairay i Josefa, dia tsy maintsy nanova pilanina, ary nanafoana ny azy manokana mba hamaliana ireo misiterin'Andriamanitra. Natoky hatramin'ny farany izy. Fa afaka manontany

tena anefa isika : « Fomba ahoana moa no hahefana mametraka fitokisana goavana toy izany amin'ny nofy ? ». Koa na dia nomen-danja aza izany tany aloha, toa tsy manao ahoana akory miohatra amin'ny zava-misy iainana ankehitriny. Tsy nialasala velively anefa i Josefa hotarihin'ny nofiny. Ahoana moa izany ? Satria niraiki-po tamin'Andriamanitra izy, ka ny fitahiany no nitokisany fatratra. Tsy nila famantarana na dia kely akory aza ny « fahefany mihaino anaty » mazava ny feony. Toy izany ireo antso miantefa amintsika : tsy sitrak'Andriamanitra ny hiseho amintsika amim-pomba makotrokotroka, ka hanery ny fahafahantsika. Amim-kamoram-po tsotra dia tsotra no hampitany izany amintsika ; tsy hanery antsika amin'ny fahitana mahajemby toa tsela-baratra izy, fa amin-kalemem-panahy sy hamoram-po no onenany sy itenenany mangina ao anatintsika amin'ny alalan'ny hevitra sy ny fihetseham-pontsika. Ary toy ny nataony tamin'i Josefa, dia manolotra tanjona ambony mana-danja mahagaga ho antsika izy.

Nitondra an'i Josefa tamin'ny lalana maro tsy noheveriny velively ny nofy. Nam-pitsingevaheva azy ny vinam-pisehoam-bady tamin'ny voalohany, fa nahatonga azy kosa ho ray mpitaiza ny Mesia ; nampandositra azy tany Ejipta ny faharoa, fa kosa namonjeny ny fiainampianakaviany. Taorian'ny fahatelo, izay nanambara ny fiverenany an-tanindrazany, ny fahefatra dia mbola nanova ny lalany indray, nahatonga azy ho any Nazareta, izay tsy aiza, fa ny toerana nanombohan'i Jesoa ny fitoriana ny Fanjakan'Andriamanitra. Tamin'izany samboaravoarandalana rehetra izany kosa, no nisehoan'ny fandresen'ny herimpony hanaraka ny sitrapon'Andriamanitra. Dia toraka izany koa ny antson'Andriamanitra : manosika hivoaka, hanolo-tena, handeha lavitra ny antson'Andriamanitra. Tsy misy finoana tsy hilaozan-driska. Amin'ny fiatorahana tanteraka amim-pitokisana amin'ny fahasoavana ihany, izay mitaky ny fanadinoana ny programan'ny tena sy ny fandozana ny fiainana migalabon-tsamirery, no ahafahana milaza marina ny « eny » amin'Andriamanitra. Ary isaky ny « eny », dia mitondra vokatra, satria mirafitra amin'ny vina lehibe, izay tsy misy fantatsika afa-tsy ny antsipiriany sasany ihany, fa hain'ny mpanao hoso-dokon'Andriamanitra kosa izany, sady lanjainy ery aloha, mba hahatonga ny fiainan'ny tsirairay ho zava-kanto voakaly. Amin'izay lafiny izay, dia maneho *icone* na sary ohatra lasitry ny fankatoavana sy fanatanterahana ny vinan'Andriamanitra i Md Josefa. Fandraisana mavitrika ny azy: tsy mpitsoaka an-daharana resy lava, « tsy kapoakalahy mpanary toky lava izy, fa lehilahy mpikatroka matanjaka sy be herimpo » (*Patris corde*, n. 4). Mahefa manampy ny tsirairay izy, indrindra ny tanora amin'ny fandanjam-panahy, hahatontosa ny nofin'Andriamanitra ho azy ireo ; mahefa mandodona anaty hanira-tena amin-kerim-po hanao « eny » amin'ny Tompo izy, izay mampahatsiaro lalandava fa tsy mandiso fanantenana na oviana na oviana !

Ny **teny faharoa** manamarika ny lalam-piainan'i Md Josefa sy ny fiantsoan'Andriamanitra azy dia : ny **fanompoana**. Ny Evanjely dia manasongadina ny fomba fiainany amin'ny lafiny rehetra, ho an'ny hafa fa tsy ho an'ny tenany samirery. Miantso sy manondro azy ho vady mendrika, madio sy masina ny Vahoaka masin'Andriamanitra, manambara ny fahefany mitia, lavitra ny fiahian-tena samirery. Eo am-panafahana amin'ny fahajembena te hangorona, dia misokatra ho an'ny fanompoana tena mamokatra ny fitiavana : namakivaky ny taranaka mifandimby ny fahefa-mikolokolo am-pitiavana tao amin'i Md Josefa, ka nahatonga azy ho mpiaro ny Eglizy. Izy koa no “mpiaro ny miala aina” ho tsara fahafatesana, satria izy nahay nita-hiry ny fahaiza-manolotra ny aina. Tontosany tokoa ny fanompoana sy ny fahafoizan-tena, noho izy noherezim-pitiavana lehibe hatrany : « Teraka avy amin'ny fanolorana-tena masahin'ny

fahafoizan-tena tsotra ny tena antso marina. Takina ao amin'ny maha-pretra sy ho an'ny fiainana voatokana koa izany fahamatoran'ny fanolorana-tena izany. Raha tsy mahatratra izany fahamatoran-panoloran-tena izany, fa mihanona fotsiny amin'ny fahazaran-tsakirifisy ny fiantsoampanambadiana, ny ho tokan-tena na ny ho virijiny, dia mety hitotongana amin'ny taraim-pijaliana lava sy alahelo ary menomem-pahakizintinana fotsiny ihany, kanefa raha ny tokony ho izy, dia famantaran'ny hakanto sy ny hafalian'ny fitiavana ny antso » (*ibid.*, n. 7).

Ho an'i Md Josefa, ny fanompoana izay enti-maneho mivantana ny fanoloran-tena, dia tsy faniriana ambony rahona fotsiny, fa tena zary fitsipi-piainana andavandro tokoa. Nahefa nikaroka sy nanangana trano haterahan'i Jesoa izy ; nisikim-ponitra niaro azy tamin'ny habibian-dion'i Heroda izy, tamin'ny fandosirana haingana nankany Ejipta ; niolo-may nipody tany Jerosalema nitady an'i Jesoa very dia; niasa izy ho famelomana ny fianakaviany, na dia tany ampivahiniana an-tanin'olona aza. Araka izany, nampifandrindra ny fiainany tamin'ny zava-misy izy, tamin'ny toetran'ny olona tsy kivy na tsy mandeha araka ny itiavany azy aza : amin'ny fahavononan'ny olona velona mba hanompo. Ao amin'izany toe-tsaina izany, dia niatrika dia lavitry ny fiainana maro tsy nampoizina i Josefa : avy any Nazareta nankany Betilehema hanao fisoratana sy fanisam-bahoaka, manaraka izany nankany Éjipita, niverina nankany Nazareta in-dray, àry nankany Jerosalema isan-taona, vonombonona hatrany hifanena ka hisedra ny sehonjava-baovao tsy ampoizina, tsy nitaraina tamin'izay nitranga nanahirana, vonona hanampy handaminana ny toe-java-mitranga. Azo lazaina fa tena tanan'ny Rain'ny lanitra nitsotra nandray ny Zanany teto an-tany i Josefa. Noho izany, tsy iza izy, fa tsy maintsy ho ilay modely ho an'ny antson'Andriamanitra rehetra, antsoina manokana hoe : tanana ampiasain'ny Ray ho an'ny zanany lahy sy ny zanany vavy.

Tiako ary ny mieritreritra an'i Josefa, mpitaiza an'i Jesoa sy mpiaro ny Egilizy, ho mpiaro ny fiantsoan'Andriamanitra. Satria avy amin'ny fahafoizan-tenany hanompo ny fikolokoloany ao amin'ny fitaizana sy fiarovana. « Nifoha izy tamin'ny alina, noraisiny ny zaza, nofohaziny ny reniny, dia lasa nankany Ejipta » (*Mt 2, 14*), hoy ny Evanjely, manambara ny fahavononany sy ny fitiavany ny fianakaviany. Tsy nandany andro nisaintsaina izay tsy nandeha izy, mba hialana tsiny amin'izay nankinina taminy. Famantaran'ny fiantsoana mahomby io fitaizana am-pahamalinana sy am-pitandremana io. Vavolombelon'ny fiainana tantanin'ny fitiavan'Andriamanitra izany. Oha-piainana kanto manao ahoana moa no omentsika raha tsy manao di-doha manaraka anjambany ny ambom-pontsika isika ary koa tsy hanaiky ho rendriky ny embon'ny lasantsika fahiny fotsiny, fa kosa handray an-tanana ny fikolokoloana ny nankin'Andriamanitra tamintsika, amin'ny alalan'ny Egilizy ! Mampitosaka ny Fanahiny amintsika àry Andriamanitra, toy izany ny fahefany mahary sy mamorona ; ary manatontosa zavamahatalanjona izy, toy ny tamin'i Josefa.

Fanampin'ny antson'Andriamanitra - izay manatanteraka ireo nofintsika goavana - sy ny valin-tenintsika - izay tanterahina ao amin'ny fanompoana am-pahafoizan-tena sy am-pitandremana - dia misy **lafiny fahatelo** nanamarika ny fiainan'i Md Josefa sy ny fiantsoana kristianina manentana ny andavanandrom-piainanana : ny **fahatokisana maharitra**. « Lehilahy marina » i Josefa (*Mt 1, 19*), izay naharitra tamin'ny firaketam-po tamin'Andriamanitra sy ny drafitry ny sitra-pony, tamim-panginana mavitrika isan'andro. Amin'ny fotoana tena sarotra iray, dia « heveriny sy dinihany ambony ambany ny lafin-javatra rehetra » (jereo : v. 20). Mandinika sy mandanjalanja am-panahy izy : tsy manaiky ho feheziny ny rotoroton'ny fahamaikana izy, tsy

latsaka tamin'ny fakam-panahin'ny fanapahan-kevitra dodona tsy voalanjalanja tsara izy, tsy manaraka anjambany ny tosi-pirehana natoraly mandodona amin'ny eo no ho eo avy hatrany. Aoriny amin'ny faharetana ny lafiny rehetra. Hainy tokoa fa ny fiainana dia tsy hiorina afa tsy amin'ny firaiketana lalandava amin'ny safidy fototra lehibe. Mifandraika amin'ny maha-mpiasa tsotra malemy fanahy sy mahari-pery azy izany, araka ny asa tsotra fanaon'ny mpandrafitra (jereo: *Mt 13, 55*), izany moa dia tsy nanaitra ny mpanora-baovao tamin'izany, fa kosa nanentana ny gazety mpiseho isan'andron'ny ray, ny mpiasa, ny kristianina isam-batan'olona nandritra ny taon-jato nifandimby. Satria tokoa manko tahaka ny fiainana rehetra ihany, ny antson'Andriamanitra dia mafy sy matotra ao amin'ny fitokisana maharitra isan'andro.

Fomba ahoana moa no firoboroboan'ity fahatokisana maharitra ity ? Toy ny an'ny fomban'Andriamanitra. Ny teny voalohany ren'i Md Josefa tamin'ny nofy dia ny fankaherezana azy tsy hatahotra, satria mahatoky amin'ny fampanantenany Andriamanitra : « Ry Josefa, zanak'i Davida, aza matahotra » (*Mt 1, 20*). *Aza matahotra* : teny ampitain'ny Tompo aminao koa ranabavy sy rahalahy malala, eny fa na dia eo aza ny samboaravoaram-piainana homban'ny fisalasalana, dia mahatsapa ianao fa tsy hahafonana ny faniriana hametraka eo an-tanany ny fiainanao izany. Teny averimberiny aminao ireo, angamba rahefa iny ianao anaty fahadisoan-kevitra sy misedra fahasahiranana iny, satria mitolona hanaraka ny sitrapony isan'andro manko. Teny ho tadidinao indray eny an-dalam-pamaliana ny antso, rahefa iny ianao mitodika indray amin'ny voaloham-pitiavana iny. Teny toy ny fiverenan-kira ireo, mambomba izay milaza « eny » amin'Andriamanitra amin'ny fiainany isan'andro toa an'i Md Josefa : amimpahatokisana maharitra isan'andro.

Ity fahatokisana maharitra ity no tsiambaratelon'ny hafaliana. Misy « hafaliana madio mangatsakatsaka » ao an-tranon'i Nazareta, hoy ny antsa litorjika. Ny hafaliana andavanandro sy fangaharaharan'ny fahatsorana, hafaliana tsapan'izay mahatana ny misy vidiny sy lanjany : ny fanakaikezana an'Andriamanitra sy ny namana. Ho soa sy kanto tokoa raha tontolo tsotra sy mangarahara, mahalala oniny sy feno fanantenana tahaka izany, no manenika ny seminerantsika, ny tranon-drelijiozintsika, ny trano fiangonan'ny paroasintsika ! Ny hafaliana no iriko ho anareo, rahalahy sy anabavy, dia hafaliana izay hampanjary an'Andriamanitra ho nofin'ny fiainanareo, mba ho an'ny fanompoana ny rahalahy sy anabavy nankinina aminareo ampitokisana, izay fijoroana vavolombelona ho azy, indrindra mandritra ny fotoana takaitran'ny safidy miserana fotsiny sy ny fehetseham-po nanjavona tsy namela hafaliana. Md Josefa mpiaro ny antson'Andriamanitra anie hiaradia, hambomba anareo amin'ny fon-dray !

Teto Roma , Md Joanin'i Latran, 19 marsa 2021, Fetin'i Md Josefa

Fransoa.